PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE
---------------------
SECRETARIAT GENERAL
---------------------
COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# Vulgarisation et déploiement de la SNLCC à Toamasina et Mahajanga

Toamasina et Mahajanga, le 25 mars 2025 - Le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI) procède à la vulgarisation et au déploiement de la nouvelle Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC) 2025-2030 au niveau régional.

Avec l'appui de l'Organisation Internationale de la Francophonie (OIF) en vue de renforcer la transparence et l'efficacité de l'administration, le CSI a mobilisé toutes les parties prenantes à Mahajanga et Toamasina notamment les autorités régionales, les Représentants des services déconcentrés de l'État, les Organisations de la Société Civile (OSC) et médias locaux, le Secteur privé et citoyens engagés dans la lutte contre la corruption, ainsi que les universitaires. L'objectif étant l'appropriation et la responsabilisation des acteurs locaux dans la mise en œuvre de la SNLCC 2025-2030.

« *Actuellement, la mise en œuvre de cette stratégie nécessite une large diffusion pour une synergie d'actions entre tous les acteurs, au niveau régional et sectoriel. Ce qui fait que cette vulgarisation et ce déploiement de la SNLCC à Toamasina et Mahajanga s'avèrent indispensables pour assurer une mise en application harmonisée et efficace. L'implication de toutes les parties prenantes locales est également essentielle pour assurer la réussite de cette initiative et pour renforcer la gouvernance transparente et responsable*.» a souligné Maître Lala RATSIRAHONANA, Président par intérim du CSI.

Notons que cette nouvelle SNLCC va s'accompagner d'un plan de mise en œuvre assorti d'un plan de suivi-évaluation. Et cela afin de pouvoir apporter des ajustements et corrections dans le cadre de sa gestion stratégique pour une meilleure atteinte des résultats escomptés. Le dispositif de mise en œuvre prévoit d'effectuer un suivi et évaluation périodique de la mise en œuvre des actions stratégiques et de l'atteinte des effets ainsi qu'une revue annuelle multi-acteurs.

Toute personne peut consulter la SNLCC 2025-2030 en scannant ce QR code.

ORGANISATION INTERNATIONALE DE la francophonie

www.csi.gov.mg contact@csi.gov.mg 2ème étage - Entrée B - Immeuble ARTEC Andohatapenaka
BP 873 Antananarivo 101 - Madagascar

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

---------------------

**SECRETARIAT GENERAL**

---------------------

**COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE**

KOMITY MITANDRO NY FAHITSIANA — CSI — COMITÉ POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTÉGRITÉ

# FAMPITAM-BAOVAO

Toamasina sy Mahajanga, faha 25 martsa 2025 - Miroso amin'ny fampahafantarana isam-paritra ny Paikadim-pirenena vaovao Iadiana amin'ny Kolikoly (SNLCC) 2025-2030 ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI).

Miaraka amin'ny fanohanan'ny Fikambanana Iraisam -pirenena Ivondronan'ny tany mampiasa sy miteny frantsay (OIF), ho fanamafisana ny fangaraharana sy ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaham-panjakana, ny CSI dia nanetsika ireo mpisehatra rehetra eto Mahajanga sy Toamasina ahitana ny manam-pahefana isan'ambaratongany, ny solontenan' ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny sampan-draharaham-panjakana itsinjaram-pahefana, ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena (OSC) ary ny haino aman-jery, ny sehatra tsy miankina, ny olom-pirenena mpisehatra anatin'ny ady amin'ny kolikoly ary ny avy amin'ny anjerimanontolo. Tanjona tamin'izany dia mba nahafahan'ny mpisehatra eny ifotony mahafehy sy manana fahalalana sy fampandraisan'anjara azy ireo amin'ny fampiharana ny paikady 2025-2030.

« *Ankehitriny, ny fampiharana ity paikady ity dia mitaky fanapariahana sy fahafantarana ary fifehezan'ireo mpisehatra isam-paritra sy isan-tsehatra tsara azy ka ahafahan'izy ireo miaraka miasa anaty fahombiazana. Zava -dehibe araka izany ity hetsika izay atao eto Toamasina sy Mahajanga ity satria mampirindra sy mampahomby azy. Tena ilaina ny fandraisan'anjaran'ny mpisehatra eny ifotony rehetra mba hiantohana ny hahalavorary ny paikady vaovao sy hanamafisana ny fitantanana mangarahara sy ny fandraisan'andraikitra* » : raha araka ny nambaran'Andriamatoa Lala RATSIRAHONANA, Filohan'ny CSI mpisolotoerana vonjimaika.

Marihina fa ity SNLCC vaovao ity dia arahana drafitra fampiharana sy drafitra fanaraha-maso ahafahana manao fanitsiana miandalana mba hahazoana vokatra tsara kokoa. Hisy ihany koa ny fanaraha-maso sy ny fanombanana matetika ireo asa maika rehetra, ny fahatratrarana ny vokatra napetraka mialoha ary koa ny fijerena isan-taona ny asa rehetra miaraka amin'ny mpisehatra isan-tsokajiny.
Azon'ny rehetra atao ny mamaky ny SNLCC 2025-2030 amin'ny alalan'ny fidirana amin'ity "QR Code" ity.

ORGANISATION INTERNATIONALE DE
la francophonie

www.csi.gov.mg contact@csi.gov.mg 2ème étage - Entrée B - Immeuble ARTEC Andohatapenaka
BP 873 Antananarivo 101 - Madagascar